## IBITY - ANTSIRABE

# NAFATOTRA NY TENDA SY NY TON-GOTRA, NODAROHANA HO FATY
9


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

**Laharana 7846** Taona faha-26 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Talata 16 aprily 2024


## MARINA IZANY ! TSY ANDRENESAM-PEO !
6

## KANDIDÀ FILOHAN'NY "U.A."
6

## "NY TOMBONTSOAM-PIRENENA NO TOKONY HO AMBONY", HOY ING RIVO RAKOTOVAO



## KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA
4

# NIVADIKA SAVOROVORO NY RAHARAHA HABAN-TSENA





## Tafa....sika
3

## RAPA (RAKOTO FRAH JUNIOR)

## HAMELONA NY HIRAN-DRAINY MIISA 770






Kwency Lalaina Andrianotahiana

# Hifanakalo hevitra momba ny anjara toeran'ny kolontsaina Hip Hop any Amerika

Hivahiny mandritra ny telo herinandro any Amerika i Lalaina Andrianotahiana fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Kwincy. Amin'ny maha mpanakanto mpivoy ny gadona Hip hop azy no anton'izany. Hanao fitsidihana any Washington, D.C, New York, sy North, mandritra io fe-potoana voalaza io ary hihaona amina mpisehatra amerikana sy mpitarika avy amin'ny firenena maro samihafa. Tafiditra ao anatin'iznay ny fifanakalozan-kevitra momba ny anjara toeran'ny kolontsaina Hip Hop amin'ny fiatrehana sy fanoherahana ireo fanamby atrehin'ny fiarahamonina. Ao anatin'izany ny herisetra sy ny fanavakavahana ary ny fidorohana zavamahadomelina.

Ankoatra ny maha mpanakanto an'i Kwincy dia mpanabe ihany koa izy. Efa nisy hetsika nataony tany anivon'ireny toeram-pamonjana ny ankizy tsy ampy taona ireny izay nentiny nampahafantarana ny zava-doza ateraky ny zavamahadomelina sy ny ady atao aminy. Teo ihany koa ny famoahana rakikira niaraka tamin'ny mpanakanto hafa momba ny tokony hanafoanana ny fampidiriana ny « rôrô » tamin'ny alàlan'ilay hira hoe « No rôrô ». Araka izany dia mifanaraka tsara amin'ny zava-kinendrin'i Kwincy eo amin'ny tontolon'ny kanto izay ataony ny lohahevitra netin'ny IVLP amin'ity andiany 2024 ity. Mialoha ny niaingan'i Kwency ho any Etazonia, dia niarahaba manokana azy tamin'ny nahavoafidy azy hisitraka ity fandaharanasa lehibe ity ny Mpanolontsaina momba ny Serasera sy Kolontsaina eto amin'ny ambasady amerikana, Craig Ferguson.

**Niforona tamin'ny 1940**

Tiana ny mampatsiahy fa ny taona 1940 no niantombohan'ny IVLP izay miompana amin'ny fanampiana amin'ny fanamafisana orina ny fifandraisan'i Etazonia amin'ireo firenena manerana izao tontolo izao. Mamboly fifandraisana maharitra amin'ny fampifandraisana ireo mpitondra vahiny ankehitriny sy taty aoriana miaraka amin'ireo Amerikana mpiara-dia aminy amin'ny alàlan'ny fitsidihana fohy any Etazonia. Ny ankamaroan'ny fifanakalozana IVLP dia ahitana fitsidihana vondrom-piarahamonina amerikana efatra mandritra ny telo herinandro na dia miovaova aza ny tetikasa mifototra amin'ny lohahevitra, ny fangatahan'ny Masoivoho arakaraka ny zava-misy manerana izao tontolo izao. Ny mpandray anjara dia mihaona amin'ireo mpiaramiasa matihanina, mitsidika ireo fikambanana amerikanina sy sehatra tsy miankina mifandraika amin'ny lohahevitry ny tetikasa ary mandray anjara amin'ny hetsika ara-kolontsaina sy sosialy. Araka izany, ny mpandray anjara, tsy maintsy manolotra soso-kevitra amin'ny maha-olona azy. Dingan'ny fifaninanana izany ary handinika sy hifantina tolokevitra izay voafaritra mazava tsara ny tanjona satria misy ny tetibola entina hanantanterahana ny tetikasa avy amin'ny sosokevitra miainga eo. Raha tsy misy ny fiovana dia hisy famatsiam-bola hatramin'ny $5,000 US Dollars (USD) tahaka ny tamin'ny 2023 ity andiany ity.

Tiaray R



Niarahaba manokana an'i Kwency ny Mpanolontsaina momba ny Serasera sy Kolontsaina eto amin'ny ambasady amerikana, Craig Ferguson.

"Festival Sakifo" 20 taona

# Tafiditra ao anatin'ny mpanakanto 60 handray anjara i Eusebia

Mankalaza ny faha-20 taona nisiany amin'ity taona ity ny hetsika ara-javakanto « Festival Sakifo » atsy amin'ny Nosy Larenio. Ny Sakifo dia midika hoe "izay ilaina" amin'ny teny kreôla ao Larenio. Natao hanandratana ny kolontsaina sy fampiroboroboana ny fizahantany no tena antom-pisiany nandritra izay fotoana maro izay. Hatramin'ny 2004 dia nampiavaka ny Sakifo ny fampifangaroana ny fomba amam-panao sy ny fomba maoderina izay mampivondrona ny mponina any an-toerana amin'ny fahasamihafany rehetra . Ny 7 ka hatramin'ny 9 Jona izao no hanatantarahana ny hetsika ao amin'ny ao Saint Pierre. Mpanakanto sy mpisehatra ara-kolotsaina maro no nasain'ny mpikarakara hanatrika sy hanafana ity hetsika ity ka anisan'ny nasaina amin'izany i Eusebia. Anisan'ireo mpanakanto hamarana ny fampisehoana an-tsehatra izy ny 9 Jona. Fa ankoatra azy dia malagasy 2 monina sy mipetraka any Larenio ihany koa no handray anjara ka anisan'izany i Jain sy Claudio Rabe. Ity farany moa dia efa nipetraka hatramin'ny taona 2016 tao Lareinion. Mpiangaly ny mozika Rap sy Hip Hop izy ary mametraka ho laharam-pahamehana ny kabary malagasy amin'ny hira izay ataony. Tsy latsaky ny 60 ny mpanakanto hanafana ny sehatra mandritra ireo andro 3 ireo. Misy ireo avy ao an-toerana manandratra ny kolontsaina Reinoney amin'ny alàlan'ny Sega toa an'i Emma Nona, Couler Pèi sy gadon-kira hafa fa ao ihany koa ireo mpanakanto manana ny lazany maneran-tany toa an-dRy IAM, Grand Corps Malade, Protoje sy Bamby ihany koa no hanafana ny sehatra mandritra io hetsika io. Marihana fa amin'ity 2024 ity ihany koa hiverina indray ny rohy nisy teo amin'ny IOMMa, na ny tsenan'ny mozika aty amin'ny ranomasimbe Indianina sy ny Festival Sakifo. Hisy araka izany ny mpanakanto hosafidian'ny mpitsara matihanina eo amin'ny tontolon'ny mozika mandritra ity hetsika ity.

Efa nandray anjara tamin'ity hetsika ity moa ry Rajery sy Slam Jah tamin'ny taona 2006 ary Dizy Brain amin'ny taona 2016.

Tiaray R



Mpanakanto 60 manana ny lazany aty amin'ny ranomasim-be indianina sy maneran-tany no hanatrika sy hanafana ny Festival Sakifo.

Maevatanàna -Fifidianana depiote

# Efatra mianadahy ireo kandidà hirotsaka ho fidina

Ny faha 08 Aprily 2024 no fanaterana farany ny an-tonta taratasy teny amin'ny "OVEC", hirotsahana hofidiana solombavam-bahoaka eto amin'ny taniny Repoblikan'i Madagasikara. Raha ny ato anatin'ny disitrikan'i Maevatanàna no asian-teny dia miisa efatra mianadahy mianaka izy ireo no handray anjara mivantana amin'izany sy nanatitra dossier teny amin'ny OVEC, ka Rtoa Rasoarimalala Georgette dite Zory kely no nialoha lalana nandrotsaka ny an-tonta taratasy, izay kandida tsy miankina, Ato Raveloson Germain kosa no nanarak'azy, mbola kandidà mahaleo tena hatrany. Randriamiarisoa Jean de la croix dit Debakely no nanatitra fahatelo, izay avy amin'ny kandidà mahaleotena hatrany, ary Ramatoa Ravoninahitriniarivo Mbade Jeanine Gabrielle kosa no namarana fanaterana dossier teny amin'ny OVEC. Izy ireo izany no fantatra fa hisolotena hoan'ny vahoaka ato amin'ny disitrikan'i Maevatanàna, ka ahitana vehivavy roa, efa samy solombavam-bahoaka tamin'ny fotoan'androny, raha ireo lehilahy roa kosa no vao samby hanao izany.

R.Tantely









Ireo kandidà efatra ao Maevatanana.

# Tafa....sika

Rapa (Rakoto Frah junior)

## Hamelona ny hiran-dRainy miisa 770

*Rapa. Filohan'ny tarika Rakoto Frah junior efa ho 23 taona izao. Ny fiangaliana ny vakodrazana avy eto anivon-tany no ahafantarana azy ireo, ka hamelomany ireo hiran-dRakoto Frah rehetra na nalaza na tsia hatramin'izay. Nisy ny resadresaka nifanaovanay taminy :*





**Gazetiko** : Ianao izao no filohan'ny tarika Rakoto Frah junior. Zanak'i Rakoto Frah fahafiry ianao? Mbola any ve ny mamanareo ? Misy firy ianareo no mpikambana anatin'ny tarika? Dia mpihavana daholo vé?

**Rapa** : « *Izaho mihitsy no filohan'ny tarika Rakoto Frah junior taorian'ny nahafatesan'i Dada. Nanomboka tamin'ny 2001 ka hatramin'izao, mbola izaho aloha no sefon'ny tarika e ! Misy 6 mianadahy izahay no zanak'i Rakoto Frah, telo lahy sy telo vavy. Izaho no lahy faharoa fa mbola misy zokiko lahy any. Telo lahy izahay, fa izaho no lahy aivo, 3 vavy izahay. Mamanay mbola ao, fa tsy dia salama tsara intsony izy. Misy mpihavana izahay ato anatin'ny tarika fa misy olona hafa. Ny tarika entiko misy 25 mianadahy mianaka izahay ato* »

***Gazetiko*** : Manana hira firy ny tarika ? Mbola mamorona vé ianareo sa ny hira noforonin'i Dadakoto Frah tamin'izany ihany no ataonareo ? Iza no mamorona ny hira sy ny dihinareo amin'izao ? Isaky ny inona ianareo no manao famerenana ?

**Rapa** : « *Raha mamorona hira vaovao dia izaho ihany. Fa amin'ny ankapobeny mbola ny hiran-dRakoto Frah ihany no ataonay tarika hatramin'izao satria ireny hira ireny no tena nitiavan'ny olona anay hatramin'izao. Betsaka no tsy afaka ambavan'ny olona ka mafana ny sehatra rehefa ireny no ataonay. Efa mahatratra 770 anie ny sanganasan-dRakoto Frah e !*

*Fa ny mamorona ny dihy indray ! Samy mamorona izahay mpikambana ato amin'ny tarika.*

*Mikasika ny hoe famerenana indray : isaky ny alahady hariva manomboka ny volana janoary, febroary ary martsa. Rehefa tapitra izay, dia manomboka amin'izay ny fitetezam-paritra sy ny fiakarana an-tsehatra* ».

***Gazetiko*** : Fa maninona ianao no tsy miaraka amin'ny tarika Feogasy sy Erick Manana nefa Rakoto anisan'ny mpikambana tao? Inona no hitanao hoe tombotsoan amin'ny maha artista ?

**Rapa** : « *Tsy manana olana tamin'izy ireo mihitsy aho. Fa aleoko ihany koa nisafidy ny hitantana ny tarika Rakoto Frah Junior, mifantoka kokoa amin'ny tarika mba tsy hiparitaka ny ankizy. Mamelomaso ny anaran-dray e !*

*Betsaka ny tombotsoa amin'ny maha artista satria ahafahana mifanerasera amin'ny karazan'olona marobe sady hahafantarana olona maro ihany koa. Fa ankoatra izay, nahitako tany sy Firenena maro ny naha artista ahy. Firenena 36 no efa nandehanako, toa ny hoe Japon, Soisa, Italy, China, ny aty amin'ny ranomasimbe indiana efa tapitra nalehako daholo* ».

***Gazetiko*** : Inona ny olan'ny mpanao vakodrazana amin'izao? Ho an'ny tarika inona no olana? Inona no torohevitra omenao ireo hiditra mpanao vakodrazana ?

**Rapa** : « *Ny olan'ny mpanao vakondrazana indray ! Tokony hanana toerana hanehoany ny kantony ireo mpanao vakondrazana ireo. Ohatra hoe sehatra fanaovana vakondrazana eto Antananarivo, dia mba misy mpanao vakondrazana isan-kerinandro. Ny antony, maro ny tanora sy ny ankizy no tia izany vakodrazana izany, nefa tsy misy ny sehatra, dia lasa mirona amin'ny fisotroana toaka sy ny fidorohana zava-mahadomelina. Raha mba manana kianja izahay, maro ny tanora hanana zavatra atao. Misy tarika mpanao vakodrazana maherin'ny 20 ao anatin'ny vovonan'ny mpanao vakodrazana* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Erick Manana

## Hiaka-tsehatra miaraka amin'i Jenny etsy amin'ny Lapan'ny kolontsaina



Fahombiazana ! Izay no azo hamintinana ny fiakarana an-tsehatra tokana notanterahan'i Erick Manana tetsy amin'ny efitrano malalaky ny CCESCA Antanimena ny folakandron'ny alahady 14 aprily 2024 lasa teo. Feno ny efitrano na fotoana fohy aza no nanomanana azy ; ary feno ihany koa ny ambiansy nandritra ny fiarahana. « *Misaotra, misaotra, misaotra !!! tonga nanotrona sy nameno trano omaly ry ireto a !!! …Dia efa raikitra izany fa hiverina miaraka amin'i Jenny aho ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina ny alahady 18 aogositra 2024 e !* », hoy izy ao amin'ny pejiny.

Araka ny fantatra, mbola hiaona amin'ny mpankafy azy atsy amin'ny Nosy La Réunion aloha ity kintan'ny hira malagasy ity. Amin'ny faran'ity herinandro ity, izany hoe ny sabotsy 20 aprily 2024 manomboka amin'ny 9 ora alina no hiaka-tsehatra ao Saint –Denis La Reunion izy. « Feo tokana, gitara iray » no lohatenin'ny fampisehoana hoan'ireo mpankafy.

**Fy**




## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-8)

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, machine, bisikileta, kahie, debara. Mama SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-6)

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 793/20-11)

* Lamba, kiraro, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA802/15-4)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-6)

### MAMPIANATRA

* Mampianatra sary. Manao chevalet. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 800/6-5)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 804/4-4)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard… Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 801/6-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 801/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 801/6-5)

Antananarivo Renivohitra

# Mivadika savorovoro ny raharaha haban-tsena

Samy miziriziry amin'ny heviny. Iaraha-mahalala fa nivoaka tamin'ny zoma faran'ny herinandro lasa teo ny didim-pitsarana taorian'ny fitoriana napetraky ny mpanolontsaina monisipaly roa teny amin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana, izay mampiato ny naoty navoakan'ny Delegasiônina manokan'ny tanànan'Antananarivo amin'ny fitakiana haban-tsena mivantana ataon'ny kaominina. Efa naneho ny heviny mikasika ity raharaha ity ny teo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra fa hanohy ny fitakiana ny haban-tsena mivantana mandra-pahatongan'ny didy eo am-pelatanany. Vao omaly maraina, teo amin'ny tokontany fidirana ny Lapan'ny tanàna Analakely, no nanao fitokonana fanairana nandritra ny ora iray mikasika ity raharaha ity ireo sendikan'ny mpiasa roa, dia ny SMKAR (Sendikan'ny Mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra) sy ny SACUA (Syndicat Autonome de la Commune Urbaine d'Antananarivo).

**Fivoriana tsy ara-potoana**

Nisy ny filanjana sorabaventy sy ny tabataba nataon'izy ireo. Notakiana tamin'io fotoana io ny fiantsoana ny filohan'ny mpanolontsaina monisipaly mba hanao fivoriana tsy ara-potoana sy ny fiantsoana ireo mpanolontsaina monisipaly handray andraikitra amin'ny famerenana ny fidiram-bolan'ny kaominina ho tantanin'ny tomponandraikitry ny kaominina ihany. Raha ny fanambarana nataon'ireo filohan'ny sendika dia ny mba hahafahana mampandeha ny raharaha amin'ny tokony ho izy eo anivon'ny kaominina sy hitsinjovana ny tombontsoan'ny mpiasa no antony ny fitakiana. Tonga nanohana ireto farany ireo solontenan'ny mpivarotra mankasitraka ny fanohizana ny fitakiana mivantana ny haban-tsena ataon'ny kaominina. Tsy niandry ela ireo mpivarotra tsy manaiky ny hanaovan'ny kaominina ny fitakiana ny haban-tsena mivantana fa hanao fitokonana eny amin'ny Fasan'ny Karàna koa anio antoandro. Tohanan'ireto farany fa ny fanesorana io andraikitra io amin'ny kaominina dia hahafahana miaro ny fampidiram-bola avy amin'ny haban-tsena. Ankoatra ny ady efa nandeha teny amin'ny Fitsarana, dia ahiana hampiady ny samy mpivarotra koa ity resaka fitakiana haban-tsena ity.

**R. Muray**



Nahariharin'ireo mpiasan'ny kaominina tamin'ny sorabaventy ny fitakiany.

Atsimo Andrefana - Fanelezana vaovao diso

# Nivoaka tamin'ny fahanginany ny mponin'i Benetsy

Mangetaheta fampandrosoana ny vahoaka ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Manoloana ny fanelezana vaovao tsy marina sy ny fitarihana ny mponina hanohitra ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ao amin'ity faritra ity dia nanapakevitra nivoaka tamin'ny fahanginany ireo mponina tao Benetsy, kaominina Ankilimalininke, distrikan'i Toliara II. « *Mamory ireo olona rehetra manana olana sy manana tombontsoa manokana no ataon'ireo mpitarika ny fanoherana ka manosika ireto farany hiady amin'ny tetikasa Base Toliara. Eo indrindra no mahatonga anay haneho hevitra. Mamitaka olona fotsiny ireo milaza ho mpanohitra. Izahay eto Benetsy dia tsy manohitra ny Base Toliara. Efa nanao fanambarana ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany fa hisokatra tsy ho ela ny Base Toliara, ary izany indrindra no andrasanay mba hahafahana manao ny fanonerana ho an'ireo tompon-tany. Mangataka amin'ny Minisitra izahay mba hamerina ny fanambarany fa hisokatra ny Base Toliara mba hahafahan'ny zanakay miasa sy mamerina ny fandriampahalemana. Hahazo tombontsoa amin'izany ny kaominina Ankilimalininke.* », hoy i Liasy, mponina ao Benetsy. Araka ny fanazavan'ireo mponina dia misy fikambanana eto an-toerana sy fikambanana hafa any ampitandranomasina no mivoy vaovao diso momba ity tetikasa ity, izay hoentina hitadiavana laza sy famatsiam-bola fotsiny. Voakasika tao anatin'izany ny filazana fa mangalatra tany ireo tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany goavana eto Madagasikara.

**Antso avo**

Ireo mponina anefa miandrandra fampandrosoana avy amin'ity tetikasa ity, sady te hanova tantara amin'ny filazana fa toeram-pandevenana tetikasa ny ao Atsimo Andrefana. « *Fidiram-bola ho anay ny fisian'ity kaompania ity ary hanome asa ny zanakay. Tsy avy amin'ireo toerana voakasiky ny tetikasa akory ireo milaza ho mpanohitra. Izaho manokana dia manana fasana voakasitra ny fitrandrahana ao anatin'ity tetikasa ity. Efa vita anefa ny famindrana azy, saingy mbola tsy vita kosa ny an'ny sasany. Lasa voasakan'ny fanoherana ny fandoavana ny vola fanonerana tokony hiverina aty aminay.* », hoy i Mahatonga, mponina ao Benetsy ihany. Nanao antso avo amin'ny Filoham-pirenena sy ny Minisitra tomponandraikitra ireo mponina tao amin'ny kaominina Ankilimalininke sy ny kaominina Tsianisiha, ao anatin'ny distrikan'i Toliara II ihany, ny mba hafaninganana ny fanokafana ny Base Toliara. Niandahy niambavy ireo mponina nanao ity fanambarana ity noho ny faharesen'izy ireo lahatra fa hitondra fampandrosoana ho an'ny vahoaka ao Atsimo Adrefana ny fisian'ity tetikasa ity no sady hamaha ny olan'ny tsy fananana asa, izay fototra mampirongatra ny tsy fandriampahalemana.

**R. Muray**

Faritra afovoany Atsinanana

# Mahazo filazana loza amin'ny habetsaky ny rotsak'orana

Tombanana ho betsaka ny rotsak'orana any amin'ny faritra Afovoany-Atsinanan'ny Nosy manomboka anio hatramin'ny rahampitso alarobia ho avy izao. Mety hahatratra 40 hatramin'ny 90mm ao anatin'ny 24 ora ny tahan'ny rotsak'orana. Hitohy hatrany Analanjirofo sy Ambatosoa izany araka ny tombana navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro. Misy fikorontanan'ny asa aman-draharaha andavan'andro, fiandronan'ny rano amin'ireo toerana mora tondraka, fiakaran'ny renirano ary fihotsahan'ny tany sy ny lalana amin'ireo toerana marefo. Mahazo filazana fampitandremana miloko mena ny faritra Atsinanana ary filazana miloko mavo kosa ho an'Analanjirofo sy Ambatosoa. Mila mailo ny rehetra satria mety hitarika loza izany rotsak'orana betsaka izany. Voalaza ihany koa fa hikorontana hatrany ny toetry ny andro any an-dranomasina any indrindra amin'ny



morontsiraka Afovany-Andrefana, Atsimo, Atsimo Atsinanana ary afovoany-Atsinanan'ny Nosy vokatry ny alondrano avy Atsimo na Atsimo-Atsinanana. Hahery sy hanonja hatrany amin'ny 3/4m ny haavon'ny onja eo anelanelan'i Morombe sy Taolagnaro, 2.5 /3m manomboka eo Farafangana hatrany amin'ny tanjona Angotsy ary eo anelanelan'i Besalampy sy Morombe. Tombanana mbola hiitatra hatramin'ny Alakamisy 18 Aprily 2024. Ho sarotra ny fifamoivoizana ary ahiana ny faharendrehana an-dranomasina, fiakaran'ny ranomasina amin'ireo toerana mora tondraka koa tokony ho mailo ny rehetra. Misy ny fampitandremana miloko mena eo anelanelan'i Besalampy sy Toamasina koa tsy tokony hiandriaka intsony ny olona

.

**Nath**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Iavoloha

# Ametrahana ivon-toerana hanehoana ireo harena voajanahary miavaka

*Ato anatin'ny 100 andro ny fanajariana ny toerana hanaovana io tetikasa io.*

Anisan'ny asa ataon'ny Minisiteran'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovainjafy ato anatin'ny 100 andro ny fanajariana ny toerana hanaovana tetikasa hanehoana ireo harena voajanahary miavaka eto amintsika. Anisan'izany ny toerana fiompiana lolo sy fambolena voninkazo indrindra ny orchidée. Maharitra roa taona ny tetikasa fitaratry ny zavamananaina eny Iavoloha ity ka ho hita ao avokoa ireo zavamananaina mampiavaka ny isam-paritra. Toerana maitso azo hanovozana fahalalana sy hitsangantsanganana ary ialana sasatra izany. Haranty ao ihany koa ireo karazamboninkazo mampiavaka an'i Madagasikara. Tanjona ny hanomezana lanja ny fananantsika harena voajanahary miavaka ka hahafahan'ireo teratany vahiny mahay bebe kokoa an'i Madagasikara. Mety ho voasarika hijanona maharitra eto Antananarivo ihany koa ireo mpizahatany eo anatrehan'izany. Fomba iray hahafahana mikajy ny harena voajanaharintsika ihany koa satria iarahamahalala fa miha ringana tsikelikely izy ireny noho ny doro ala sy ny fanapahana hazo ary ny fandringanana ny tontolo iainana amin'ny lafiny maro. Teny Ambatobe ihany koa, nisy ny fametrahana "arboretum" sy parka botanika izay tetikasan'ny filoha.
Nandritra ny 100 andro, araka ny tatitra navoakan'ny minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fandrosoana lovainjafy, efa mihoatra ny tanjona napetraka ny vokatra azo raha ny fambolenkazo no asian-teny. Mahatratra 40 000 Ha mantsy no tanjona ary efa tafakatra 48 600Ha ny velaran-tany vita manerana ny Nosy. Izany hoe 118 isanjato no tratra ary efa miroso amin'ny fanaraha-maso ireo voavoly ny tomponandraikitra. Ankoatran'izay, nisy ihany koa ny tetikasa fanaingoana tanana ka 4 km no vita teny amin'ny lalan'i Tsarasaotra, nisy ihany koa teny Imerintsiatosika. Mba nahafahana mamaly ny filana amin'ny fambolenkazo, nisy tanin-janakazo 21 naparitaka manerana ny faritra. Nahatratra 6 389 898 ny zanakazo novokarina tamin'izany ary niteraka asa ho an'olona 462.
Mitohy ihany koa anefa na tsy voaresaka aza ny fanenjehana ny fitrandrahana ary fanondranana tsy ara-drariny ny harena voajanahary toy ireo Jabihy marobe tratra tamin'ny faritra maromaro.

**Nath**

Legioma

# Tsy mety midina ambanin'ny 6 000Ar ny kg tongolo be

Tao anatin'ny telo volana mahery kely izay, nidangana hatrany amin'ny 8 000Ar ny iray kilao amin'ny tongolo be na tongolo « oignon » hita eny an-tsena. Sambasamba tao anatin'ny taona maro nifandimby no nisy fidanganana be toy izany ny vidin'ny tongolo teto amintsika. Amin'izao fotoana izao, tsy mety midina ambanin'ny 6 000Ar ny iray kilao amin'izany. Misy miteny mihitsy aza fa ireo mpanambola sisa no mahavidy tongolo. Singany tongolo iray tokoa mantsy no vidiana 500Ar hany ka aleon'ny olona tsy mividy mihitsy. Efa mahazatra ny maro ny mividy tongolo gasy lafo hatramin'izay satria tafakatra hatrany amin' ny 15 000Ar na mihoatra ny iray kilao aminy. Sady fanafody moa izy ity no efa hain'ny olona ny mitsitsy azy. Voalazan'ireo mpivarotra eny Anosibe izay maka entana ambongadiny, fa ny faharatsian'ny lalana no antony voalohany mampiaka-bidy ny legioma. Anisan'ny toerana betsaka tongolo ohatra ny any amin'iny RN6 iny saingy iaraha-mahalala ny zavamisy any raha ny haratsindalana no asian-teny. Mitombo ny fandanian'ireo mpitatitra ka izay no tena olana. Etsy ankilan'izany, tsy ny tongolo ihany anefa no nahitana fiakarany fa hatramin'ny karaoty sy ny ovy niakatra daholo teo aloha kely teo. Ankehitriny, 2 000Ar ny iray kilao amin' ny karaoty na mihoatra kelin'izay ary hatrany amin' ny 3 000Ar kosa ny ovy amin'ilay vaventy. Ny sosety sy ny voatavo izao no mora sady mitobaka eny an-tsena. Ny ankamaroan'ny olona anefa tsy mihinana azy ireny noho ny antony maro samihafa. Anisan'ny mampikaikaika ny maro ihany koa ny vidin'ny harina fandrehitra izay efa mahatratra 35 000Ar ny iray gony ankehitriny. Mbola ny lalandratsy sy ny fahavitsian'ny hazo ary noho ny toetry ny andro indray kosa no anton' izany fiakaran'ny vidin'ny saribao izany.



Betsaka ny misafidy ny tsy hampiasa tongolo be intsony atao amin'ny laoka.

**Nath**

Fitantanana ny harena voajanahary

# 3 396 554 Ha ny velaran-tany efa tantanan'ny olona eny ifotony

Araka ny antontanisa navoakan'ny tahirin-kevitra eo anivon'ny TGRNR na "Transfert de la Gestion des Ressources Naturelles Renouvelables", misy 2 129 ny isan'ireo fifanarahana sy fanomezana fitantanana ny faritra arovana na ala na ala honko na tanimbary na harena voajanahary maro karazany nomena ny vondron'olona eny ifotony na fokonolona 1559 manerana ny Nosy. Manodidina ny 3 396 554 Ha eo ny velarantany ahitana ireo harena voajanahary ireo. Raha tsiahivina, efa tamin'ny 1996 no nisy didy nivoaka manome alàlana ireo vondron'olona na fokonolona afaka hitantana ny harena voajanahary. Marobe ny tanjona tamin'izany ka anisan'ny goavana indrindra ny fikajiana ireo zavaboahary ireo. Sarotiny amin' izany mantsy ny olona rehefa mahazo tombontsoa manokana izy indrindra ireo mipetraka manodidina ny tandavan'ala na ihany koa akaiky valanjavaboahary. Raha misy olona minia miditra tsy manaja ny lamina napetraka toy ny fandoroana ala, fanaovana teviala, fanapahana hazo sy ny maro samihafa, afaka miditra an-tsehatra ny fokonolona miaraka amin' ireo polisin'ala. Anisan'ny mbola olana ihany koa ny tsy fahampian'ny serasera sy ny vaovao mikasika izany fitantanana izany harena voajanahary ataon'ny fokonolona izany. Mba hanatsarana izany tranga izany, najoro ny fomba fahazoambaovao en ligne ary eo ambany fiahian'ny minisiteran'ny tontolo iainana sy fandrosoana lovainjafy ary tohanan'ny WWF. Hita ao anatin'io avokoa ny TGRNR manerana ny Nosy sy ny mombamomba ny harena tantanina na io an-dranomasina na ala na zavatra hafa. Ny toerana ahitana azy sy ny fotoana voalaza ao anatin'ny fifanarahampiarahamiasa, ny tohana ara-teknika sy arabola. Ity fitaovana hahazoana vaovao ara-potoana ity ihany koa dia natokana ho an'ireo mpiasan'ala, ireo mpiantsehatra rehetra amin'ny fikajiana ny tontolo iainana, ireo tomponandraiki-panjakana na tsia ary ny olona rehetra hanana vaovao momba ny antontanisa na tahirinkevitra amin'ny fotoana rehetra sy hanapahana hevitra faran'izay haingana eo anoloan'ny asa mila atao mba hampaharitra ny harena voajanahary izay saika efa hatahorana ny momba azy eto amintsika.



Mitana andraikitra goavana amin'ny fikajiana ny harena voajanahary ny fokonolona mipetraka eny amin'ny manodidina ny faritra arovana.

**Nath**

Samy...

## Fanadinana !

Hifarana amin'ny 26 aprily 2024 ho avy izao ny fisoratana anarana ho an'ireo kandidà amin' ny fanadinana bakaloréa. Andrasana anio indray kosa, resaka isika samy isika ihany, no hivoaka ny vokatry ny fanadinana teo amin'ny fandrotsahana ny antontan-taratasy filatsahankofidiana hahalalana ireo kandidà solombavambahoaka. Mahakasika iry voalohany aloha, voalaza fa nihena ny isan'ireo nisoratra anarana hanala ny bakalorea amin'ity taona ity amin'izao fotoana izao. Asa moa raha hitombo ny isan'izy ireo rehefa tonga ny fe-potoana farany fa toy ny efa fanadinana sahady izany ny fisoratana anarana. Indrindra moa ho an'ireo mpiadina amin'ny anaran'ny tenany izay rehefa tonga ny fotoana hiatrehana ny laza adina tsy maintsy manatona ny renivohi-paritany enina misy ny foibem-panadinana. Io indray mantsy ny fepetra vaovao noraisin'ny tomponandraikitra. Raha izay ny amin' ireo kandidà amin'ny bakaloréa, fanadinana miandry ny tafiditra ao anatin'ny lisitry ny kandidà solombavambahoaka ny fandresena lahatra ny mpifidy amin' ny fotoanan'ny fampielezankevitra andaniny ary ankilany ny fanajana ireo fepetra samihafa voalazan'ny lalàna momba ny fifidianana solombavambahoaka. Mialoha izay anefa, resaka isika samy isika, toa fanadinana farany ho an'ireo solombavambahoaka mamarana ny fepotoam-piasany, hifarana amin'ny 1 jolay 2024 izany, ny fivoriana ara-potoana voalohany amin'ity taona ity amin'io volana mey io. Izay ao anatin'ny fotoanan'ny fampielezankevitra indrindra.

Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

...isika

Kandidà Malagasy ho filohan'ny Vondrona Afrikana (U.A)

# "Ny tombontsoam-pirenena no tokony hapetraka ho ambony", hoy i Rivo Rakotovao

Vaovao arahin'ny iraisam-pirenena akaiky, tato anatin' ny herinandro maromaro izao ny fifidianana izay ho filohan'ny Vondrona Afrikana, hotanterahina amin' ny volana janoary, amin'ny taona ho avy. Firenena 5 hatreto no nahazoam-baovao fa fa anisan'ny hanolotra kandidà : i Djibouti; Tanzanie; Kenya ; Comores ary Madagasikara. Ireo firenena efatra voalaza eo aloha ireo izay tsiahivina fa samy manohana ny kandidàny avokoa ary amin'ny maha fifidianana azy dia samy mitady ny fomba rehetra handresena, ho tombontsoa sy ho voninahitry ny firenena misy azy. Mikasika an'i Madagasikara manokana dia fantatra fa anisan'ny maniry hifaninana ny filoham-pirenena teo aloha, Hery Rajaonarimampianina. Na dia tsy voasoratra aza dia mipetraka ny hoe tokony hatolotry ny firenena misy azy ny kandidà ho amin'io andraikitra io. Araka ny fanazavana nomen'Ing Rivo Rakotovao : Zavatra roa no mety hitranga : Raha ny toerana pôlitika misy ny filoha Rajaonarimampianina, amin'ny maha mpanohitra ny antoko HVM azy no andraisan'ny mpitondra sy ny manodidina azy ny zava-misy dia mety hitombina ny feo efa re ombieny ombieny fa tsy hanohana ny filatsahan-kofidiany ny filoham-pirenena.



Ing Rivo Rakotovao (sary tahiry).

**Tombony ho an'i Madagasikara !**

Raha hametraka ho ambony ny voninahi-pirenena sy ny tombontsoam-pirenena kosa ny mpitondra dia tokony tsy hisalasala, hanohana ny filatsahan-kofidiany satria tombony ho an'i Madagasikara izany. Tsy azo odian-tsy hita fa tsara toerana, raha tarafina amin' ny andraikitra niantsorohany, nandritra ny fitarihana ireny ekipa iraka manokana manara-maso ny fizotry ny fifidianana, notanterahina tamin'ny firenena vitsivitsy, aty amin'ny kaontinanta afrikana ireny Ing hery Rajaonarimampianina, andaniny. Ary ankilany, azo lazaina ho anisan'ny nametraka tantara tsara aty amin'ny kaontinanta misy antsika ihany koa ny filoha Hery Rajaonarimampianina, taorian' ireny fanapahan-kevitra noraisiny, nanaiky ny fahareseny taorian'ny fifidianana tamin'ny taona 2018 ireny, n'inon'inona mety ho tsy fahatomombanana sy resabe. Ankoatra izay, nanome voninahitra ny lanonampanjakana nanaovan'ny filoha voafidy fianianana ny tenany fa tsy nametraka ho zava-dehibe ny disadisa sy ny lonilony pôlitika.

V.R.

Kandidà Elia Rabevahiny

# "Mahalala ny olan'ny mponin'i Toliara II aho ka vonona ny handray andraikitra"

Iray amin'ireo kandidà navoakan'ny OVEC hifaninana amin'ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza i Elia Rabevahiny. Tahaka izao ny resaka nifanaovana taminy manoloana izao firotsahany te handray an-tànana ny fitondrana ny feon'ny mponin'i Toliara izao.

***Gazetiko : Inona no antony nahatonga anao hilatsaka hofidina solombavambahoaka any Toliara II ?***

**Elia R.** "Fantantsika tsara fa manana ady mahakasika ny fanoherana ny tetikasa Base Toliara ny tenanay sy vahoaka any amin'ny distrikan'i Toliara faha II. Koa tafaray ny tia sy ny manina satria ny vahoaka sy ireo tompon-tanàna ary ireo Raiamandreny any an-toerana mitady olona hanohana azy sy hitondra ny feony moa izahay vonona ny hiara-dalana sy handray andraikitra ho an'izy ireo. Ambonin'izany, toerana nihavian'ny tena iny distrika iny ka fantatra tsara ny olan'ny mponina any ary efa ela ny antoko Otrikafo tarihako no nanana ny vina manokana hitondrana izany na ny lafiny sosialy, ny fiainam-bahoaka, ny toekarena ary ny fampandrosoana ny tanàna amin'ny ankapobeny.



Kandida ho solombavambahoaka any Toliara II ny filohan'ny Otrikafo Elia Rabevahiny.

***Gazetiko : Tsy nitsahana nimenomenona sy niahiahy tamin'ny CENI sy ny HCC ianareo hatramin' izay. Ankehitriny, tapakevitra hiara-hiasa amin' ireo rafitra mpikirakira ny fifidianana ireo ihany ianareo. Inona ny azonao ambara ?***

**Elia R.** "Tsy midika fa hadio ny fifidianana na atokisana ireo rafitra mpikarakara fifidianana raha mandray anjara ny tenanay. Marina fa niady ny hisian'ny fanovana izahay hatramin'izay saingy tsy midika izany hoe rehefa tsy mety aminay ny rafitra eto dia hanorona Madagasikara vaovao sy hafa izahay. Koa miezaka miaina amin'ny zava-misy sady miezaka mitondra fanovana izahay ao anatin'izao firotsahanay ho kandida izao. Dia amafisiko eto fa tsy tanjona ny ho solombavambahoaka fa dingana iray heverina fa hitondrana avo kokoa ny fotokevitra ijoroan'ny antoko sy hitondrana vahaolana ho an'ny mpiray tanindrazana".

***Gazetiko : Ahoana ny fahitanao ireo kandidà hifaninana amin'io fifidianana solombavambahoaka ho an'ny distrikan'I Toliara II ?***

**Elia R.** Mety misy amin'ireo kandida namana ireo no tsy dia ao anatin'ny fony loatra ny tena fampandrosoana sy ny lanjan'izany hoe mpikamban'ny Antenimierampirenena izany, fa resaka politika fotsiny no antony nirotsahany. Ekena fa raha tanjaka ara-bola dia tsy manana ny ananan'ireo kandida mpifaninana ny tena saingy raha hevitra dia manana izahay ka isan'ny mety antony nangatahan'ny vahoaka sy ny raiamandreny any an-toerana ny firotsahanay izany. Mifanindran-dalana amin'izany, tsy misy matanjaka mihoatra ny vahoaka koa matoa nandray fanapahan-kevitra ny tena dia mahatoky ny vahoaka ao amin'izany distrika nilatsahana izany

***Gazetiko : Inona ny hafatra ho an'ireo olompirenena mpifidy any Toliara II amin'izao ankatoky ny fifidianana izao?***

**Elia R.** "Isan'ny Andrimpanjakana kitro ifaharan'ny fampandrosoana ny Antenimierampirenena raha tena manao ny asany ireo mpikamban'izany. Koa eto ny tenanay dia milaza fa tsy handraraka ilom-by an-doha na handiso fanantenana anareo izay fahatokisana taminay. Raha ny asan'ny solombavambahoaka manokana dia tsy vahiny amin'ny tenanay satria ireny efa niarahantsika nahita sy naheno ireny fa tsy nitazampotsiny ireo olana nianjady tamin'ny mponina any Toliara II izahy na tsy fandriam-pahalemana izany na tsy fahampian-tsakafo na olan'ny fanjonoana izay mamelona olona maro any an-toerana".

Nangonin'i Mamy R.

## Marina izany !

### Tsy andrenesam-peo!

**Sesilany ny filazana olona very, eny amin'ny tambazotra sôsialy tato anatin'ny herinandro maromaro izao, Voakasik'izany avokoa na zaza na tanora, eny hatramin'ny olon-dehibe. Ny somary manaitra dia toa mitovitovy avokoa ny anton'ny fahaverezana. Matetika miverimberina ny hoe: Niala tao an-tranony, handeha hianatra na handeha hivavaka na handeha hiantsena dia tsy mbola niverina. Misy ny efa nanaovana fanambarana fa hita. Saingy ny ankamaroan'ireo very kosa dia tsy ananan'ny fianakaviany vaovao ny momba azy. Ny somary mahavalalanina dia toa tsy andrenesam-peo mahakasika ireo tranga ireo ny mpitandro filaminana izay manana andraikitra hiaro ny vahoaka sy ny fananany na dia misy ny nilaza fa efa nametraka fitarainana momba ny fahaverezan'ny havany. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe: Miasa mangina ve izy ireo amin'ny fametahana paikady hitadiavana ireny olom-pirenena very ireny? Ankoatra izay, mbola manitikitika ny saina ihany koa ny fanontaniana hoe: Inona ao ambadik'ireny fahaverezan'olona maro ireo izay miteraka tahotra sy tsy mampilamin-tsaina ny isantokatrano efa sahirana amin'ny fidangan'ny vidin'ireo kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro; amin'ny fahatapahan-jiro sy rano, manelingelina ny fitadiavana ; ny tsy fisian'asa ; ny firongatry ny tsy fandriampahalemana tsy anavahana na andro na alina...Trangan-javatra iandrandrana vahaolana amin'ny mpitondra isan-tokony, manana andraikitra amin'ny fampandehanana ny raharaham-pirenena izay nampindramin'ny vahoaka ny fahefana ka manana adidy hametraka ho laharam-pahamehana ny tombontsoa iombonana, mialoha ny tombontsoa manokana!**

Voahangy Rakotozafy

Toamasina

# Nangingina ny vaovao manodidina ireo sambo niantsona tao, nandritra ny 5 andro

Nanaitra ny mpanara-baovao ny fisian'ireo sambo vahiny niantsona, nandritra ny dimy andro, tao Toamasina. Antony, saomary nangingina ny vaovao manodidina ny fahatongavan'ireo sambo ireo ary tsy nahitàna tompon'andraikitra ambony avy aty an-drenivohitra na dia nisy diplômaty vahiny aza tonga tany an-toerana. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra dia ny 10 aprily lasa teo no tonga tany an-toerana ireo sambo ireo izay nahitana vahiny maherin'ny fitonjato. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia niainga avy any « Dares Salam » ireo sambo ireo ary niantsona tany Mozambika, mialoha ny nihazoany an'i Toamasina. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra avy any an-toerana dia olom-panjakana sy olom-boafidy tany an-toerana, niaraka tamin'ny masoivoho vahiny iray, miasa sy monina eto amintsika no nihaona tamin'ireo tantsambo ireo. Naharitra 5 andro tao Toamasina ireo sambo ireo ary tamin'ny 14 aprily lasa teo no niainga tany an-toerana. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana io vaovao io dia ny hoe : Nisy ifandraisany tamin'ny fihaonana niaraka tamin'ireo tera-tany Sinoa, tany an-dapa ve ny fahatongavan'ireo sambo ireo sa antony hafa mihitsy ? Andrasana ny vaovao fanampiny avy amin'ny tompon'andraikitra mahakasika io fihaonana io, mba tsy ho tompon-trano mihono amin'ny zava-mitranga eto amintsika ny olom-pirenena manara-baovao.

V.R.

# TENY REHETRA TENY

(Sary : Yvon Ram/ Soratra : JUDD)





**Raikitra ny fanazaran-tena ho an'ireo mpiasa amin'ny orinasan-tserasera ho fanomanana ny lalao hatao mandritra ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety amin'ny 03 Mey izao.**




**Namoaka ny vokatry ny hetsika sarika andiany voalohany, izay natomboka tamin'ny 28 martsa ka hatramin'ny 4 aprily teo ry zareo eo anivon'ny polisim-pirenena, omaly.**




**Fantatra tamin'izany fa olona 1801 no voasambotra noho ny fandikan-dalàna ary milanja 773 kilao ny rongony tratra**

Fifidianana solombavambahoaka

# Tsy nahazo rariny teny amin'ny HCC ny ankamaroan'ireo kandidà nahintsana

Miainga amin'ny andininy faha-48 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-010 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fifidianana Solombavambahoaka, mahefa amin'ny fandinihina ny fitoriana rehetra mahakasika ny karazam-panapahana rehetra noraisina mialoha momba ny raharaham-pifidianana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Araka izany, manomboka mamoaka ny fanapahan-keviny manoloana ny fitarainan'ireo kandida nametraka antontan-taratasy firotsahan-kofidiana solombavambahoaka nahintsan'ireo rafitra misahana ny fanamarinana sy ny firaketana am-boky ny filatsahan-kofidiana isaky ny distrika sy ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana io Andrimpanjakana eny Ambohidahy io. Hatramin'ny omaly, nahatratra 17 isa ny fanapahana navoakan'ireo mpitsara sivy mianadahy mpikamban'izany, izay raha dinihana maimaika dia manamafy ireo fanapahan-kevitra noraisin'ny OVEC sy ny CENI ny 15 amin'izany sy tsy manome rariny ireo kandida nahintsana avokoa. Isan'ny nolavin'ny HCC ohatra ny fitarainana napetraky ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana sady filoha mpiara-mitantana eo anivon'ny Vovonana Firaisankina manoloana ireo ambarany ho sakantsakana nahazo ireo kandida hitondra ny fanevan'izy ireo any Maevatanana, Lalangina ary Sambava ka nahatonga ny antontan-taratasin'izy ireo tsy feno arapotoana.

**Hiala an-daharana**

Tsy ny an'ny mpanohitra ihany anefa no nolavin'ny HCC ny fitarainana sy fangatahan'izy ireo fa niharan'izany ihany koa ny kandidan'ny mpanohana ny fitondrana. Isan'izany ohatra ny fangatahan-dRtoa Rajaonah Mirana Fidisoa, sekretera mpanatanteraka eo anivon'ny vovonana politika "Isika rehetra Miaraka amin'i Andry Rajoelina", nangataka ny hanolona ny mpiray lisitra amin'ny kandidà natolotr'izy ireo any Ambatondrazaka. Farany, namoaka ny fanapahan-keviny manoloana ny fikasan'ireo kandida nametraka antontan-taratasy filatsahan-kofidiana nahafeno dosie hiala an-daharana ihany koa ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, omaly. Tsy nahazo rariny teny amin'io Andrimpanjakana eny Ambohidahy io anefa izy ireo tamin'izany ka mbola voatazona ho isan'ny mpifaninana amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza hatao amin'ny faha-29 ny volana mey io hatrany.

**Mamy R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Antsalova

# Mpiasan'ny fahasalamana notafihin'ny jiolahy 10 nirongo basy

*Tamin'ny varavarana hafa izy no nivoaka ka afaka nitsoaka.*

Tokantranon'ny mpiasan'ny fahasalamana iray tany Antsalova no niharan'ny fanafihan-jiolahy ny sabotsy hifoha alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany. Lasan-dry zalahy tamn'izany ny vola sy ny entana maro izay mora bataina tao amin'ilay trano. Jiolahy folo nirongo basy no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tao amin'ny tokantranon-dRasazy iray tany an-toerana. Vantany vao tonga ry zalahy dia nanao ny fomba rehetra nidirana amboletra tao anaty trano.



Tany an-tampon-tanànan'Antsalova no nisehoan'ny fanafihana.

Teo am-pamakiana ny varavarana ireo olon-dratsy no efa henon'ilay rasazy ny fahatongavan'izy ireo ka nitady irika handehanana mankany ivelany izy. Tamin' ny varavarana hafa izy no nivoaka ka afaka nitsoaka ary tany dia nampandre ny mpitandro filaminana.

**Nandrahona**

Ireo mpanafika kosa tetsy andaniny efa tafiditra tao an-trano ihany ka nandrahona ny olona hitany tao ary nisava eran'ny trano ka naka izay tiany dia io nahazoany vola io izay mbola tsy voafaritra mazava ny isany ary nandraoka ireo entana maro tao. Lasa nitsoaka ry zalahy avy eo ary efa tsy tratran'ireo mpitandro filaminana intsony araka izany izy ireo tamin'ny fotoana nidinana ifotony tany amin'ity tokantrano ity. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo olon-dratsy. Araka ny fanazavana dia mahazo vahana ny tsy fandriampahalemana any an-tampon-tanànan'Antsalova. Marihina ihany koa fa tsy vao sambany no lasibatry ny asan-jiolahy toy izao ny mpiasan'ny fahasalamana any an-toerana fa araka ny fanazavana hatrany dia rasazy roa izay no efa voatafika tany tamin'ny fiandohan'ity taona ity.

**T.H**

Fandikan-dalàna

# Olona 1 801 voasambotra, polisy 8 nanao kolikoly nidoboka am-ponja

Nandritra ny hetsika sarika andiany voalohany izay notanterahan'ny polisy nanomboka ny 28 martsa ka hatramin'ny 4 aprily teo dia olona 1801 no voasambotra noho ny fandikan-dalàna ary fantatra fa ny 267 amin'ireo dia voampanga tamin'ny resaka fanafihan-jiolahy ary folo tamin'ireo mikasika ny cybercriminalité. Ankoatra izay dia milanja 773 kilao ny rongony tratra ary 8 grama ny héroïne raha 3 grama kosa ny cocaïne. Araka ny fanazavana dia manodidina ny 80 isan-jaton'ny asa tamin'ilay hetsika dia natao ho fisorohana. Nisy ihany koa ny fisafoana ireo toerana heverina hisy fandikan-dalàna miampy mikasika ny heloka mamoafady. Marihina fa polisy 4 800 no niara-nanatanteraka ny hetsika sarika manerana an'i Madagasikara. Nahetsika avokoa ny olona sy ny fitaovana nandritra izay roa herinandro nanaovana ny hetsika izany. Fa araka ny fanazavana azo hatrany dia miisa valo ihany koa ny polisy voapanga noho ny fanaovana kolikoly nandritra izay telo volana voalohany izay ka efa nidoboka am-ponja vonjimaika izy ireo.

**Mitohy**

Vita iny ny hetsika sarika andiany voalohany nandritra izay herinandro izay fa mitohy kosa ny fampandriana fahalemana sy famongorona ireo jiolahy dia ny fandravana ny tambazotran-jiolahy, ny fakana ankeriny, ny fanafihana mitampiadiana ary ireo mpanao trafikana zava-mahadomelina. Ankoatra izay dia hamafisina ihany koa ny ady amin'ny fanolanana sy ny fanaparitahana ireo horonantsary mamoafady mahakasika ny zaza tsy ampy taona. Fa entanina ihany koa ny vahoaka mba hiarahiasa amin'ny polisy amin' ny fanomezana loharanombaovao. fa eo ihany koa ny fidinana ifotony ataon'ny polisy hanakaikezana ny vahoaka mba isian'ny fifampatokisana eo amin'ny roa tonta.

**T.H**

Ivato

# Jiolahy mpamerin-keloka tratra nanendaka, lavon'ny zandary

Vao tapa-bolana monja no nivoahan'ity jiolahy ity ny fonja dia namerina ny asa ratsiny sahady izy. Lehilahy iray hamonjy fodiana no nendahiny teny Ivato ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 8ora alina. Avy hatrany dia norahonany ilay lehilahy ary nalainy ankeriny ny vola sy ny finday tany aminy. Nitsoaka nandositra haingana izy raha vao nahazo izany. Niantso vonjy kosa ilay lehilahy ka sendra nandalo indrindra ireo zandary avy ao Ankadindravola nanao fisafoana tamin'io. Tonga dia raikitra ny fanenjehana ilay mpanendaka, izay niditra anaty elakelan-trano. Nomena



Ilay jiolahy voatifitra!

fampitandremana tamin'ny alàlan'ny tifi-danitra mba hijanona saingy mbola nanohy ny fitsoahany hatrany sady nikasa hanohitra. Voatery nitifitra azy ny zandary ka maty tsy trà-drano vokatr'izany ary teo amin'ny lohany mihitsy ny voan'ny bala.

**Notohizany**

Mbola tratra teny aminy moa ny vola sy finday vao avy nangalariny ka efa naverina amin'ny tompony. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa efa intelo niditra am-ponja ity jiolahy ity saingy izao mamerina ny asa ratsiny izao hatrany. Tsy afany intsony anefa tamin' ity farany ity ka izao nanaraka hatramin'ny ainy izao. Ny asa fanendahana no tena fanaony sy nidirany am-ponja matetika ary izao mbola notohizany izao hatrany. I Mainty moa no tena nahalalan'ny olona azy ity.

**R.C**

Morondava Antehiroka

## Lehilahy hita faty tao Ikopa



Teny amin'ny reniranon'Ikopa no nahitana ny fatin'ilay lehilahy.

Lehilahy iray tokony ho 45 taona no hita faty tao amin'ny reniranon'Ikopa ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora. Tsy nahitana faritra mangana ny vatany na naratra, ny kibony no nibontsin-drano ary kilaoty no hita nanaovany tamin'io, araka ny filazan'ny nanatri-maso. Olona teny antoerana no nahita ny razana voalohany ary nampandre ny olona teny amin'ny manodidina. Efa nisy niantso avy hatrany ihany koa ny teo anivon'ny sampana mpamonjy voina ka tonga teny nampiakatra ny razana an-tanety ary nametraka azy teo amin'ny sisin-dalana. Vetivety moa dia nahoraka teny an-toerana ny fisian'ity olona maty ity ka nitangorona nijery ny razana teny izy ireo. Nandritra izany anefa dia tsy nisy nahafantatra ity lehilahy maty ity ny olona teny ka heverina fa tsy mponina eny amin'ny manodidina izy fony fahavelony. Efa nisy nampandre mikasika ny zavanitranga ny mpitandro filaminana ka ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Talatamaty no nandeha nidina ifotony nanao fizahana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSB-II Talatamaty. Maty an-drano no antony nahatonga ny fahafatesan'ity lehilahy ity, hoy ny fanazavana. Taorian'ny fizahana dia efa naterina tany amin'ny tranom-patin'ny hopitaly teny Anosiala Alakamisy ny vatana mangatsiakan'ilay lehilahy ka najanona eny miandry ny hakan'ny fianakaviany azy.

**T.H**

Talatamaty

## Fiara sy môtô nifandona, olona iray naratra



Teny amin'ny faritr'i Talatamaty no nisehoan'ny loza.

Nisehoana lozam-pifamoivozana teny Talatamaty ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro. Tany amin'iny lalam-pirenena fahefatra iny no nisehoan'ny loza. Avy any Imerina afovoany handeha hihazo an'Ambohidratrimo ilay fiara no nifanehatra tamin'ilay môtô hitodi-doha ho aty andrenivohitra. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga ny loza fa nianjera avy hatrany ilay môtô izay natao taingindroa vantany vao voadona tamin'io fotoana io. Ka ilay tovovavy iray tokony ho 18 taona nipetraka tao aoriana tamin'ilay môtô no naratra vokatr'izany izay efa naterin'ny tompon'ny fiara notsaboina tany amin'ny hopitaly Anosiala taorian'izay. Rehefa nisy nampandre mikasika ny zavaniseho ihany koa ny teo anivon'ny mpitandro filaminana dia efa nandeha nidina ifotony teny amin'ny toerana nitrangan'ilay lozam-pifamoivozana nanao fizahana ifotony.

**T.H**

Ibity - Antsirabe

# Nafatotra ny tenda sy ny tongotr'ilay ramatoa dia nodarohana ho faty

Tamin'ny fomba feno habibiana tokoa no namonoana ity ramatoa iray tokony ho efapolo taona avy ao Mandrava, fokontany Mananjara, kaominina Ibity any Antsirabe ity. Ny 27Janoary lasa teo no nitrangan'ny tantara. Araka ny fanazavàna azo, nofatorana tady ny tendany sy ny tongony dia avy eo nodarohana ho faty. Nahitàna dian-kapoka maro ary toy ny notsindronina zava-maranitra telo ny lohany, izay vaky tanteraka mihitsy vokatry ny daroka nahazo azy. Rehefa hitan'ny namono fa maty izy dia nafeniny tanaty kirihitra ny fatiny sady nosaronany zavatra mba tsy hisy hahita. Nisy nahatsikaritra ihany anefa izany ka nampandrenesina ny tomponandraikipanjakana tao an-toerana sy ny mpitandro filaminana. Taorian'ny fizahana natao moa dia natolotra ny fianakaviany ny razana. Nandeha avy hatrany kosa ny fanadihadiana sy ny fikarohana nataon'ny zandary mahakasika ny nahafaty ity ramatoa ity.

**Mpivavaka mafana fo**

Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa tovolahy iray vao roa amby roapolo taona monja no voarohirohy ho tomponantoka tamin'io vonoan'olona io. Voalaza fa toa mpihavana ihany izy ireo. Tsy hita teo an-toerana intsony moa ilay tovolahy taorian'io tranga io. Efa namoahan'ny mpitandro filaminana filazàna fikarohana mihitsy izy. Vokatry ny fanomezambaovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahafantarana fa nifindra monina any Ampotaka, kaominina Mandoto ity tovolahy ity. Voalaza fa anisan'ny mpivavaka mafana fo sady mpihira mavitra ao anatin'ny Antoko mpihiran'ny fiangonana iray ao an-toerana mihitsy izy. Tonga nisambotra azy tany an-toerana ny zandary ny zoma lasa teo. Noraisim-potsiny avy hatrany izy sady tsy nandà satria toa efa fantany ny antony nisamborana azy. Voalaza fa disadisam-pianakaviana sy fiaraha-monina no nahatonga ity tovolahy ity hamono ilay ramatoa. Efa natolotra ny Fampanoavana avy hatrany ny raharaha.

**R.C**



Ilay tovolahy!



Nafenina ny fatin'ilay ramatoa!

Toamasina

# Nandao an'i Madagasikara ireo tafika an-dranomasina sinoa

Nigadona tao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina ny Tafika an-dranomasina sinoa ny herinandro teo na ny *"45 ème flotte d'escorte de la marine chinoise"*. Ny faran'ny herinandro teo kosa izy ireo no nandao an'i Madagasikara rehefa avy nandalo sy nivahiny andro vitsy teto amintsika. Tombotsoa ho an'ny firenena hatrany ny fisian'izao fivahinianana izao na dia fotoana fohy monja aza. Eo ny lafin'ny ara-diplaomasia ary ao koa ny sehatry ny firalahiana ara-tafika. Vao haingana rahateo no nanao fitsidihana ara-pomba fifanajana tamin'ny Minisitry ny Fololalindahy, ny masoivoho vaovaon'i Sina, andriamatoa Ji PING. Nanamafy ny fitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Firenena roa tonta momba ny fanatsarana ny sehatra ara-miaramila. Ity masoivoho ity izay anisan' ny delegasiona mafonja nanatrika ny lanonana tao



Ireo tantsambo sinoa sy ireo tomponandraikitra malagasy.

Toamasina. Tafiditra ao anatin'ny iraka tanterahin'ireto tafika an-dranomasina sinoa ireto ny fanaraha-maso ireo sambo ara-barotra sinoa mandalo ao amin'ny ranomasina mena sy ny eladranon'i Persika sy Adena. Ao anatin'ny fiaraha-miasa rahateo dia vaindohan-draharaha ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso ny fari-dranomasina, mba hiarovana ireo harena an-dranomasina sy hiadiana amin'ireo jiolahin-tsambo. Nandao an'i Madagasikara ny Alahady ireto farany , ka hanohy ny diany any an-toeran-kafa indray.

**Deyland**

Ambatomanga

# Vavy antitra tapaka lalan-dra maty voavely kifafa



Toy izao no niafaran'ilay vavy antitra.

Namoy ny ainy tamin'ny sabotsy teo ilay vavy antitra monina tao Ambatomanga distrikan'i Manjakandriana. Novonoin'ny vinantolahiny izy io, raha ny filazan'ny fianakavian'ny namoy ny ainy. Nokapohiny tamin'ny kifafa teo ampandriana ilay ramatoa ny alarobia alina lasa teo. Porofon'ny vono nahazo azy dia nahitana mangana ny vatana sy ny tarehin'ilay niharam-bono. Niezahana nentina natao ihany moa ny fitsaboana saingy tsy tana ny ainy. Vokatry ny hamamoana sy ny mety ho lonilony anton'ny famonoana. Raha ny fanazavana azonay hatrany dia olona efa tapaka lalan-drà vao iray volana ity vehivavy ity. Mananjanaka vavy tokana izy ary mba hahafahana hanamora ny fitsaboana sy hahamora ny fikarakarana azy no nitondran-janany azy nody teny Ambatomanga. Voalaza mantsy fa any Ambanivohitr'Ankadinandriana no tena nipetrakaity farany.

**Tsy fahazakana**

Efa nihatsara ny fahasalamany saingy mbola tsy afaka nihetsika firy izy izao nitranga izao ny famonoana. Araka ny loharanom-baovao hatrany dia mamo ilay vinantony ka tsy fantatra na hoe noho ny tsy fahazakana rafozana no nahatonga azy namono nahafaty ity rafozany ity. *"Marihina fa tsy tao an-trano fa nisy asa nataony tany Moramanga ilay zanany vavy tamin'io fotoana io ka ny zafiny efa lehibe no nikarakara azy tao. Io zafiny io no nampandre ny reniny tamin'ny antso an-tariby fa vonoin'ny rainy ilay renibeny. Araka ny fitantarany dia nokapohina tamin'ny kifafa ny havanay"*: hoy ihany ny fanazavan'ny havan'ny maty. Taorian'ity tranga ity dia nidina haingana tany an-toerana ilay zanany rehefa naheno ny zava-misy. Mbola tratrany ihany koa ilay vadiny eo am-pandrahonana an'ity reniny. Nantsoina avy hatrany moa ny zandary hisambotra ilay navanon-doza. Efa mandeha ny fanadihadiana ny raharaha.

**Deyland**

Mandritsara

# Roa lahy nifamono, maty ny iray

Raikitra ny fifamaliana teo amin'ireto roa lahy ireto rehefa samy nisotrosotro iny. Tsy vitan'ny fifamaliana tsotra fotsiny intsony anefa izany fa niafara tamin'ny fifamonoana mihitsy. Niezaka nanasaraka azy ireo ihany ny olona saingy voa tamin'ny faritra saropady ilay iray ka maty tsy trà-drano teo. Nandritra ny hetsika fanamboaran-dàlana tao Madirohambana, kaominina Antanandava, distrikan'i Mandritsara no nitrangan'izany ny Alahady lasa teo. Raha ny fanazavàna azo dia misy hatrany ny zava-pisotro omena ireo olona tonga manao asam-pokonolona toy izao rehefa vita ny asa. Asa na diso betsaka loatra anefa ny zavatra nosotroin'izy roa lahy ireto na ahoana fa dia io niakatra io maripàna ka nampifamaly azy ireo. Tsy fantatra mazava kosa anefa izay tena antony nahatonga ny fifamaliana fa toa tsy dia misy dikany akory fa resaka tsy nifankahazo kanjo izao niafara tamin'ny fahafatesan'ilay iray izao. Voalaza fa nitsoaka nandositra avy hatrany ilay namono taorian'izany. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ilay tovolahy.

**R.C**

## TSIPAKA

Mitana ny sain'ny maro ny vaovao ratsy nivoaka tamin'ny faran'ny herinandro teo, mahakasika ny fanapahankevitry ny CAF, izay tsy nanome fankatoavana ny kianja Barea, handray ny fifanitsanan'ny Mondial 2026, eo amin'ny taranja baolina kitra.

### Ratsy ny ady!

Raha ny fanazavana voarakitra tao anatin'ilay fanapahan-kevitra, efa nomena famindra-po ireo firenena ireo teo aloha, izay betsaka ny pitsopitsony sy fangatahan'ny Kaonfederasiona Afrikanina saingy tsy nahatanteraka izany izy ireto, ka izao nesoriny izao ilay fankatoavana. Firenena 16 izy ireo ka anisan'izany ny kianja Barea. Mazava ny fanambarana nataon'ny CF, fa tsy afaka mandray ny fihaonana, tafiditra amin'ny andro faha-3, hihaonana amin'i Kaomoro sy ny andro faha-4, hifandonana amin'i Mali ity kianjan'ny Barea ity. Ankilany ny filohan'ny federasiona Malagasy ny baolina kitra, dia tsy mbola kivy fa hiezaka hitady vahaolana miaraka amin'ny fitondrampanjakana, mba hahafahan'ny Kianjan'ny Barea, hampiantrano ireto fihaonana ireto. Betsaka ny tombony raha milalao eto an-tanàna ny ekipam-pireneny. Voalohany, hahazo tombony ny mpilalao izay ao an-damosiny ny mpanohana maro ary afaka hanatrika mivantana sy hanosika ny ekipany amin'ny fanombohana ka hatramin'ny faran'ny lalao. Faharoa, hafa ihany izany milalao eto an-jaridaina izany, ka na ny mpitsara aza tsy afaka hitanila noho ny tahotra ny horakoraka ny mpijery sy mpanohana. Ankoatra izay, hanana ny toerany ngezabe amin'ny tohin'ny fifanitsanana ity andro faha-3 sy faha-4 tokony hatao eto Madagasikara ity, indrindra ho an'ny Barean'i Madagasikara. Mila mandresy ireto firenena roa ireto isika raha mbola tiana ny hahatsara toerana, hahzoana ny isa 6. Amin'ny volana martsa 2025 indray isika vao hampiantrano an'i Ghana, raha mizotra tsara ny fikarakarana ny kianjan'ny Barea amin'izay ka hanome fankatoavana ny CAF.

**Rabenaivo**

## PASI PASI

Andriamihaja Tahiriniraina

# Mbola miara-mikotrana amin-janany

*Fianakaviana milona anatin'ny spaoro any amin'iny faritra Alaotra Mangoro iny indray no vahinintsika eto amin'ny PASI PASI anio.*

*Ny taranja baolina kitra sy Karate no nataon'ny Rainy saingy ny karate sy ny Lomano kosa no ataon'ireo zanany vavy.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.

***AT :*** Andriamihaja Tahiriniraina V

***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve, inona ilay spaoro atao.

***AT :*** 42 taona, mbola manao spaoro, dia misy fotoana miara-mikotrana izahay 3 mianaka fa ny tena atao dia mihazakazaka isamaraina, indraindray miditra « salle de sport ».

***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro?

***AT :*** Baolina kitra no natako taloha dia avieo tamin'ny faha-15taona nanao karate ary efa nahazo ny tepana mainty 1èr Dan. Amin'izo kosa dia mbola milalao baolina kitra.

***Gazetiko :*** Firy ny zanakao iza avy dia manao spaoro daholo ve?

***AT :*** Efa-bavy ny zanako dia Annye, Raissa,Ursula, Shayanne. Samy manao spaoro daholo ka ny vavimatoa manao natation, i Raissa sy Ursula kosa no manao karate ao amin'ny klioba Ren-Shin-Kan.

. Mahakasika manokana an'i Raissa, izay efa manana ny tepana mainty 1ère dan dia efa tompondakan'i Madagasikara ny tenany tamin'ny 2019, tompondaka lefitra Afrika tamin' ny 2020. Tamin'ny 2020 dia tompondakan'i Madagasikara ho an'ny latsaky ny 12 taona ary taorian'io, 2021 – 2022 – 2023 dia norombahany hatrany izany anrmboninahitra ho tompondakan'i Madagasikara izany. Teny anivon'ny seksiôna sy ligy mazava ho azy dia norombahany hatrany ny fifaninanana isan-taona. Ursula zandriny, Ceinture marron ihany koa dia manomboka mampiteny ny anarany, izay vao avy nandrombaka ny tompondakan'i Madagasikara farany teo. kosa

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro?

***AT :*** Tena tsy nisy noterena izy ireo fa avy hatrany dia nanao spaoro daholo

***Gazetiko :*** efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao.

***AT :*** Izy mirahavavy mpanao Karate no samy voaantso amin'izao fotoana izao.

***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany?

***AT :*** Mahafinaritra tsara sady mifankahazo am-po tsara ny Ray aman-dreny sy ny zanaka, mifanaja ary tsy misy ny olana . Rehefa ao an-trano samy mahalala ny tokony atao tsy mila baikona intsony

***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy?

***AT :*** Ny fialambolinnay dia ny Lomano sy mandihy ary mazava hoazy ny mihaino Mozika

***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

***AT :*** Manentana antsika Ray aman-dreny mba hanohana ny ankizy amin'ny spaoro izay ataony, . Tokony omena famporisihana ihany koa rehefa mba miaramikotrana ny Ray amandreny sy ny zanaka. Isika Ray aman-dreny dia sahirana amin'ny fitadiavana d mb miezaka nanokana fotoana iarahana mifampizara amin'ny zanaka.

**Rabenaivo**



**Nanaha-dRay niangaly ny taranja Karate izy mirahavavy ireto.**

Savate Boxe Française

# Nodimandry teo amin'ny faha-55 taonany i Franck Emerson

Misaona ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy. Nodimandry ny faran'ny herinandro teo, Ranaivoharison Franck Emerson. Taorian'ny AVC hémorragique nahazo azy, noentina notsaboina teny amin'ny hopitaly ny tenany saingy na dia vita aza ny fandidiana tamin'ny lohany dia tsy tana ny ainy. 55 taona Ratompokolahy izao nodimandry izao, izay andrasana etsy amin'ny lot IAE 45A Ambohidiapanga Antanetibe Itaosy ny vata mangatsiakany ary rahampitso no alevina eny Ambohimalaza. Hiainga amin'ny 10 ora maraina ny razana, hoentina ao amin'ny FJKM Ambaniala, handalo ao amin'ny Antenimierampirenena mialoha ny hitondrana azy eny amin'ny fasana Ambohimalaza. Tsiahivina, anisan'ireo mpianatra andiany voalohany nanao ny savate boxe française teto Madagasikara ny tenany, izay Maître Eric Ramahenina, izay nitondra ity haiady ity teto no mpampianatra azy ireo. Nitana andraikitra maro teo amin'izany taranja izany ny tenany, izay efa Juge arbitre regional, Juge arbitre national, Juge arbitre international, mpanazatra ary filoha lefitry ny federasiona malagasy ny savate boxe fraçaise koa. Nanangana ny klioba EBI Itaosy, izay efa namoaka ankizy maro ho tompondakan' Analamanga, tompondakan'i Madagasikara sy tompondaka ny Oseana Indiana ary efa nahazo ny laharana faha- 3 tany amin'ny fiadana ny tompondaka eran-tany. Ity klioban'ny EBI ity hatrany no laharana voalohany teto Analamanga rehefa fifaninanam-paritra. Mpanofana ireo mpampiofana ihany koa izy, izy tomponandraikitra voalohany amin'ny fandaminana rehefa amin'ny fifaninanana ngezabe na ireny "Gala" ireny. Nanova ny toetsain'ny mpitsara savate boxe rehetra sy ireo mpiady koa ny tenany, izay ny 2/3 ny andro-piainany dia tsy misy afa-tsy ny savate. Noho ny ezaka nataony sy ny fitaizana tsara nataony no nahatonga ny zanany, Ranaivohariniaina Masinambinina Riddick nahazo in-8 ny tompondakan'Analamanga sy in-6 tompondakan'i Madagasikara. Nikasa hankalaza ny faha-25 taonan'ny klioba EBI izy no izao nodimandry izao sy hankalaza ny faha-28 taona nampianarany savate boxe française. Olona tsotra, mamy hoditra eo amin'ny fiarahamonina, tia filaminana, tia manampy ny hafa ary miezaka foana mampivondrona sy mampiray ny mpiarabelona rehetra. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakavian-dRatompokolahy.

**Rabenaivo**

Barea Beach Soccer

# "Ampy izay, aleo mba hitazana indray", hoy ny mpanazatra Solofo R.

Manana fandaharanasa mipetrapetraka tanteraka ny vaomiera misahana ny Futsal sy ny Beach soccer eo anivon'ny FMF amin'izao fotoana izao. Naneho ny hafaliana amin'izany fihetsiketsehana izany ny mpanazatra ny Barea Beach Soccer teo aloha, Solofo Ramarolahy. Ampy hoy izy izay 13 taona (2009-2022) nitondrana, izay "phases finale CAN" miisa 6. Nitondra ny fomba fahitana izany tetikasa izany ny tenany, izay nilaza fa "mahafinaritra foana rehefa maheno ny tomponandrakitra ao amin' ny FMF, hikarakara fifaninanana indrindra hoe fifaninanam-pirenena, izay efa tamin'ny 2016 no nisy farany, fa ireo festival isankarazany nokarakarain ny Tafaray no nahafahana nitily ireo nandrafitra ny Barea Beach Socce". "Raha ny tena tsara aloha dia mba nandray anjara tamin'ny cosafa beach soccer, izay mandeha any Afrika atsimo amin'ity herinandro ity, marihina fa isika no tompondaka amin'ny "1ere édition" natao tatsy Seychelles nefa dia tsy nandray anjara intsony, efa "4ème edition" izao mandeha izao". "Raha ny fahafantarako hatramin' izay dia tokony tsy maintsy mandalo dingana fifanintsanana isika amin'io CAN izay nolazain'ny filohan'ny FMF, izay atao any Ejypta io amin'ny volana aogositra 2024". "Ny faniriako dia mba ho atao amin'ny beach soccer koa io tetikasa eritreretina ho atao amin'ny Futsal, izany hoe hatomboka any amin'ny latsaky ny 13taona ny fifaninanana ka hatramin'ny sokajy senior.

**Rabenaivo**

Fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2024

# Samy miandry ny taranja Judo sy ny Lomano

Hotanterahana afaka andro vitsivitsy ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, ho an'ny taranja Judo sy Lomano. Ankoatra ny fiadiana ny anaram-boninahitra, mifanindran-dalana amin'ny fiadiana tapakila handehanana any amin'ny Lalao Olympika 2024, tanterahana any Paris Frantsa izany. Ho an'ny taranja Judo manokana, efa tsara toerana hahazoana izany tapakila izany i Laura Rasoanaivo, mila miatrika ity fifaninanana afrikanina ity izy, izay isa 700 be izao no azon'izay tompondaka. Manana herijika handrombahana izany anaram-boninahitra izany ity teratany Malagasy ity, izay



Niaritra ny mafy ny atleta mitady vokatra tsara na dia amin'ny andro mangatsiaka aza.

ao anatin'ny heriny tanteraka amin'izao fotoana izao. Manao antso avo amin'ny tomponandraikitra voakasika ny federasiona, mba hijery akaiky iznay, izay nambaran'izy ireo fa misy judokas hafa ihany koa efa nomanina tokony hiatrika ity fiadiana ny tompondakan'i Afrika ity. Ho an-dry zareo eo anivon'ny taranja Lomano dia mitovy amin'izany koa indrindra ireo mpilomano, izay nanambara fa efa manao ny ezaka rehetra izahay amin'ny fanatsarana ny fe-potoana hatramin'ny famonoana ny zavabita tsara indrindra mihitsy mba hhafahana miatrika ireny fifaninanana iraisam-pirenena ireny. Nisy tamin'izy ireo mihitsy no nilaza fa efa tsy raharahiana hatramin'ny hatsiakan'ny rano hilomanosana mihitsy mba hahazoana ny tanjona saingy rehefa tratra ny ezaka natao dia mbola mpifanandrina manaraka ilay hoe "handeha tsy handeha" !

**Rabenaivo**

Kianja synthétique Température

# Mikotrana eny ny ekipan'ny Midi Madagasikara

Anatin'ny fanomanantena hiatrika ny fifaninanana "inter média" ny ekipan'ny Vondrona Midi Madagasikara. Ho an'ny taranja baolina kitra manokana, etsy amin'ny kianja synthétique Température Andranobevava izy ireo no manaraka fanazarantena. Ny faran'ny herinandro teo, nisy ny lalao ara-pirahalahiana nifanaovany tamin'ny ekipana gazety mpiseho isanandro iray teny an-toerana. Marihana, ahitana kianja 2 filalaovam-baolina eo amin'ity toerana ity, izay tsara ary mety amin'ny fianakaviana rehetra satria ankoatra ny kianja filalaovam-baolina,



Ankoatra ny kianja 2, ahitana "vestiaire" sy toeram-pidiovana eny an-toerana.

ahitana toerana fisakafoana ho an'ny mpijery sy ny mpanohana ny ekipa eny. Ho an'ireo mpampiasa ny kianja ihany koa dia efa tafiditra anatin'ny hofany ny fampiasana ny "vestiaire" sy ny toeram-pidiovana. Misokatra amin'ny 6ora maraina ka hatramin'ny 9ora alina moa ny kianja Température etsy Andranobevava ity, izay mampirisika hatrany ireo andriambavilanitra mba ho tonga hilalao eny ny mpitantana ny toerana. Raha hiverenana ny mahakasika ny "inter-media" dia ny Ordre des journalistes de Madagascar (OJM) no mpikarakara, miara-miasa aminy kosa ny Union des journalistes sportifs de Madagascar (UJSM), ny JOBA, ny AJJM sy ny JBC. Amin'ny 3 sy 4 may izao no hanaovana azy, ka ny taranja baolina kitra sy ny basketball no hifaninanana. Amin'ny 21 aprily izao no fara-fandraisana anarana ho an'ireo maniry ny handray anjara. **Rabenaivo**

Rugby - "Women's World Cup 2025"

# Mila mandresy an'i Kenya raha te hahazo tapakila !

Efa notaterina teto, hotanterahana eto Madagasikara amin'ny 4 hatramin'ny 12 may, ny fifanitsanana hiadiana ny tapakila handehanana any amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, ho an'ny taranja Rugby lalaovim-behivavy 15. Firenena 4 no hifaninana amin' izany, ahitana an'i Afrika Atsimo, Kenya, Kamerona ary i Madagasikara. Raha ny nambaran'ny teo anivon'ny Malagasy Rugby, ankoatra ny ekipa mahazo ny laharana voalohany, hahazo ny tapakila handehanana any amin'ity fiadiana ny tompondaka erantany ity koa ny ekipa faharoa. Hatreto, anisan'ny sangany sy apetraka ho "favori" ny Springboks



Vonona hiady tapakila handehanana any amin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany ny Makis.

Afrikanina Tatsimo, niarahanahita rahateo ny fahaizamanaony, izay tsorina fa ambony haavo teknika mihoatra amin'ireto mpifanandrina rehetra ireto. Efa azo ambara mialoha fa azy ny tapakila iray, hiadivana kosa ilay tapakila faharoa. Tsara toerana hiady ity tapakila ity ny Makis de Madagasikara sy ny Kenyana, ity farany, izay tsy azo hamaivanina fa manana ny fahaizany koa. Miendrika lalao famaranana kely mialoha ny fotoana noho izany, ny fihaonan'i Madagasikara sy Kenya amin'io andro voalohany io, ka izay mandresy eo no tombanana hanaraka ny Springboks. Na izany aza, tsy azo hamaivanina ry zareo Kameroney, izay mety hampitsimbadika ny kajikajy, raha toa ka mahita fandresena tampoka ! Eo ampiandrasana izany, toy izao no fandaharan-dalao rehetra. Kianja Makis Andohatapenaka – Asabotsy 4 may – 13ora Afrika atsimo # Kamerona, 15ora – Madagasikara # Kenya. Alarobia 8 may – 13ora : Afrika atsimo # Kenya, 15ora : Madagasikara # Kamerona. Alahady 12 may – 13ora - Kenya # Kamerona, 15ora : Madagasikara # Afrika atsimo.

**Rabenaivo**

Kitra - "Champion's League"


# Hiditra amin'ny lalao miverina




Hiady ny lalao ampahefa-dalana miverina amin'ity "champion's league" ity.

Hotanterahana anio sy rahampitso ny lalao miverina amin'ny ampefa-dalan'ny « Champion's League », eo amin'ny taranja baolina kitra. Anisan'ny lalao tena andrasan'ny maro ny fihaonana eo amin'ny Fc Barcelone sy ny Paris St Germain, lalao hotanterahana any Camp Nou. Tsara toerana ny Fc Barcelone amin'ity, izay sady hampiantrano ny lalao miverina no efa nandresy tamin'ny isa 3 no ho 2 tany amin'ny lalao mandroso. Na izany aza, tsy azo hamaivanina ny PSG, izay manana ny fahaiza-manao sy afaka mandrombka fandresena ihany koa any antanin'olona. Mbola ady tsy vita koa ny fihaonan'i Dortmund sy ny Atlético Madrid, lalao atao any Alemana. Tsiahivina, efa nandresy tamin'ny isa 2 no ho 1 ny Espanola tany amin'ny lalao mandroso, azo antoka, tsy maintsy hiezaka hanao izay faraheriny hampitsimbadika izany ny Dortmund anio alina, any amin'izy ireo rahateo no hanaovana ity fihaonana ity. Lalao goavana sady tena be mpiandry kosa ireo lalao roa rahampitso. Anisan'izany ny fifandonan'ny Bayern de Munich sy ny Arsenal, izay nisaraka ady sahala 2 no ho 2 herinandro lasa izay. Tombanana mitodika any amin'ny Bavarois ny herijika amin'ity, izay izy no hampiantrano. Fihaonana be mpiandry koa ny fifandonan'ny Manchester City sy ny Réal Madrid, izay nisaraka ady sahala 3 no ho 3 tamin'ny lalao mandroso. Samy manana ilay fomba filalao mampiavaka azy izy ireto ary ekipa samy ahitana mpilalao sangany maro.

**Rabenaivo**





## Sarisary zary tenany

**Sera**




## Hatsikana an-tsary

**Roa**




## Masoandro miposaka

**SALAMO 43 : 1-5**

1 Omeo rariny aho, Andriamanitra ô, ary alaharo ny teniko haharesy ny firenena tsy misy famindram-po; Vonjeo aho ho afaka amin'ny lehilahy mpamitaka sy mpanao meloka.
2 Fa Hianao no Andriamanitry ny heriko; Nahoana no manary ahy Hianao? Nahoana no mandeha mijoretra aho noho ny fampahorian'ny fahavaloko?


## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05


## Ohabolana



**Raha ditra no atao, izaho manam-be noho ianao.**

S'il le faut, je serai encore plus entêté que vous.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3221**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | 5 | 6 | | | | 4 |
| | 2 | 3 | 4 | | | 1 | | |
| | 6 | | 3 | | | 2 | | |
| | | | | | 9 | 3 | | 1 |
| 8 | 7 | | | | | | | 5 |
| | | | 6 | | | 7 | | |
| 3 | | 2 | | | 6 | | 8 | |
| 1 | | | | 2 | 5 | 9 | 4 | |
| | 4 | | | 8 | | | | |

Valin'ny laharana **3220**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 3 | 4 | 7 | 5 | 6 | 2 | 9 | 1 |
| 7 | 5 | 9 | 4 | 1 | 2 | 8 | 6 | 3 |
| 2 | 1 | 6 | 8 | 9 | 3 | 5 | 7 | 4 |
| 6 | 2 | 3 | 5 | 4 | 9 | 1 | 8 | 7 |
| 5 | 9 | 1 | 6 | 8 | 7 | 4 | 3 | 2 |
| 4 | 8 | 7 | 3 | 2 | 1 | 6 | 5 | 9 |
| 3 | 6 | 5 | 2 | 7 | 4 | 9 | 1 | 8 |
| 9 | 7 | 2 | 1 | 6 | 8 | 3 | 4 | 5 |
| 1 | 4 | 8 | 9 | 3 | 5 | 7 | 2 | 6 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Mora ny mahazo ny fahatokiana, kanefa aoka ho mailo-mailo, satria zavatra kely tsy voatandrina dia efa ampy hahafaty, na hahavotsotra tanteraka ny fahatokiana ao anaty. »

Ny Vetso (23.10.16)

("La confiance est la chose la plus difficile à obtenir et la plus facile à perdre.")

Faha 100 taonan'ny tily eto Madagasikara

# Nandray ny lakam-panabeazana ny Tily teto Antsirabe




**Mariky ny fifanajana sy fifankatiavana ny lakam-panabeazana.**

"Mandehana amin'izao herinao izao…dia tanteraho ny fanompoanao" io tenin'ny soratra masina io no teny faneva entina manamarika ny faha-100 taonan'ny Tily eto Madagasikara. Mbola ao anatin'ny fankalazana ny jobily faha-100 taona nisiany ny Tily amin'izao ary tsy mitsahatra manamarika izany ireo mpisehatra namin'ity fikambanana ity. Nandalo teto Antsirabe ny lakam-panabezana ny faraparan'ny herinandro lasa teo. Ny lakam-panabeazana dia mampiseho ny fanamafisana ny fifanajana sy fifankatiavana eo amin'ny samy mpikambana ary indrindra hanamafisana ny fanatonana an'Andriamanitra. Fantatra rahateo fa fikambanana mihorina ao anatin'ny fiangonana Kristianina ny Skotisma ka rariny raha fitazaina amin'ny alàlan'ny finoana an'Andriamanitra no hanabezana ireo ankizy sy tanora. Noraisina tao amin'ny ivon-toerana I-votika tao amin'ny faritra Vakinankaratra ity lakam-panabeazana ity ny Alarobia 10 Aprily lasa teo, nandray izany ny governoran'ny faritra izay mpisehatra amin'ity fitazaina ity rahateo. Nitarika ireo delegasiona kosa ny filohan'ny faritany Tily Antsirabe, sefo Randrimanarivo Alain. Nisy ny fanaovan-tsonia tamin'ny boky volamena nandritra ny fandalovan'ity lakam-panabeazana teto Antsirabe ity. Hihazo an'ny Menabe kosa ny lakam-panabeazna aorin'izao fandalovany eto Antsirabe izao.

**Andry N.**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 636 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Olatra sy voatabia endasina

**Zavatra ilaina :** olatra 400g, voatabia lehibe 4, tongolo gasy 5, mofo dipaina notetehina 1, ranom-boasary makirana 5 sotro lehibe, ditá, persily, menaka olive 3 sotro lehibe, dipoavatra, sira, menaka

Diovy tsara ny olatra. Tsoahy ny tongony, dia teteho manify. Voasy dia teteho koa ny tongolo gasy sy ny mofo. Sasao madio tsara ny voatabia dia teteho.

Endaso amin'ny menaka ny olatra. Asio sira sy dipoavatra dia arotsahy ao ny mofo dipaina notetehina. Rehefa mendy dia ataovy afo malefaka ka arotsahy ao ny voatabia, dia andrahoy kely indray. Tsoahy amin'ny lovia. Raiso indray ny lapoaly dia endaso ao ny tongolo gasy, persily, ditá ary ranom-boasarimakirana. Rehefa vita io, dia raraho ery ambonin'ny olatra sy voatabia. Arosohy mafana.

# MANAMPY ANAO

**Permanences**
**13 avril au 20 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

# TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
07.30 : Dessins animés
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12h30
12.45 : VAOVAO 13h00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full SPORT
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les Infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Mahandro
21.15 : Film Comédie
23.00 : Journal international
23.45 : Film Action
01.15 : Magazine
03.00 : Film Aventure
05.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
05.30 : Ny feon'ny pentekosta ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : DOCUMENTAIRE
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

K

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.50 : Instafun
13.15 : K-Sport ®
14.10 : Ankitsimpo
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
19.55 : Micro Trottoir
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

VIVA

01.16 : Film
03.02 : Film
05.07 : Clips : Misy Raha ®
05.14 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.55 : Culte : Tsara Taiza
06.00 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Action : Série Bones
08.13 : Sport : Top Chrono ®
08.39 : Série : Série Chuck
09.29 : Film
11.40 : Série k-drama : Série My demon ®
12.50 : Clips : Misy Raha
13.57 : Film
16.10 : Série k-drama : Série My demon
17.40 : Serie : Série MR and Mrs Smith
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.44 : Série comédie : Série TEE TITANS ®
19.06 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : MIS'IN ®
20.55 : Viva Prod : NY ZOKO
21.47 : Film
23.16 : Film
01.01 : Journal : Viva Évènement VM ®
01.41 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
01.56 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

# TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117


COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Nosy-be

# Miaramila frantsay hita faty tao an-tranony

Nikorontana ambony ambany ny tao an-tranon'ilay frantsay Legrand Nicolas Jacques, 39 taona ary nihidy avy eny ivelany. Voatery nopotsihina ny varavarana nahafahana niditra tao. Indrisy fa vatana mangatsiaka, nitsirara teo amin'ny tany no novantanina. Tsy nisy akanjo ny tapany ambony fa kilaoty fotsiny no hita teny ankodiny. Tao amin'ny fokontany Ambondrona, Dzamandzar, distrikan'i Nosy-be, ity tranga ity, ny alahady teo. Araka ny hita tao anaty pasipaorony dia miaramila frantsay "légionnaire" izy io. Manaporofo izany ihany koa ny fahitana ireo fanamiana, satroka sy mariboninahitra maha miaramila azy hita tao an-trano. Hatreto dia tsy fantatra mazava izay tena nahazo azy fa efa mandeha ny fanadihadiana ny raharaha.



Ilay vazaha frantsay namoy ny ainy.

**Naharitra 12 ora**

*"Efa tsy hitan'ny olona nivoaka tao an-tranony mihitsy ity vazaha ity ka izany no nanaitra ny mpiaramonina aminy. Niantso ny mpitandro ny filaminana avy hatrany ny filoham-pokontany. Rehefa nahazo alalana izy ireo dia io nipitsohany io ny varavaran'ny tranony. Nandritra ny fizahana natao dia nahitana rà ny orony ary tsy nisy fery na ratra hafa ankoatran'izay » :* raha ny loharanom-baovao azonay. Tombanana ho efa naharitra 12 ora teo eo ity miaramila "légionnaire" ity izao hita faty izao. Rehefa avy natao ny fanadihadiana savaranonando dia natolotra ny "Consul Honoraire de France" ao Nosy-be ilay vatana mangatsiaka. Ny zandary ao amin'ny brigady Dzamandzar kosa no mandray an-tanana ny raharaha.

**Deyland**

QAÏDA & Cynthia RAJ

# Miantso ny artista haneho firaisankina hanampy an'i Lalie

Manao antso avo amin'ny mpanakanto rehetra sy ireo mpankafy mozika i QAÏDA sy Cynthia Raj mba haneho firaisankina ka hamaly ny antso vonjy izay nataon'i Lalie tao amin'ny tambajotra sosialy fesiboky. Amin'ny voina mihatra toy izao no ilaina fifanohanana sy fifampiana eo amin'ny samy mpanakanto, hoy i QAÏDA Sy Cynthia Raj nandritra ny fitsidihana sy fanantonana avy teny amin'ny toerana misy an'i Lalie ka nanoloran'izy mianadahy ireo fanampiana ho azy. Nambaran'i Cynthia RAJ fa tena mampalahelo ny mahazo an'i Lalie ka tsy niandry ela izy ireo nanolotra izay fanampiana ho azy. Marihina fa taorian'ny fandidiana izay natao an'i Lalie dia mbola misy fitsaboana hafa tsy maintsy hatao aminy ary mbola maro ny fanafody tsy maintsy ampiasaina amin' izany ka nanaovany antso avo amin'ny rehetra ny mba hanampiana azy. " Tsy misy manana ny ampy, hoy izy mianadahy fa sambatra izay



Izy mianadahy miaraka amin'i Lalie.

mifanampy". Misy moa ny laharan-tariby izay nomen' izy ireo ahafahana manao izay fanampiana izay 034 15 805 35 amin'ny anaran'i Annie Zoely Rasoalimalala sy ny 0338199759. Tsara ihany ny mampahafantatra fa tsy vao sambany i QAÏDA Sy Cynthia Raj no nanao asa soa toy izao fa efa matetika. Ankoatra ny maha mpanakanto azy ireo manko dia manana fikambanana manokana misehatra amin' ny fanaovana asa sosialy ho an'ny mpiara-belona ihany koa izy ireo ary efa maro be ny toerana nizarany fanampiana. Raha ny lafin'ny mozika indray dia efa manana hira maro miparitaka eny anivon'ny haino aman-jery sy amin'ny tambajotra serasera isan-karazany izy mianadahy ireo toy "Tsy mitovy Jery" "Malalako" sy ny maro hafa. Betsaka ny hira vaovao mbola kasain' izy ireo havoaka amin'ity taona ity, hisy ihany koa ny hetsika izay ho ataon'izy ireo.

**Tanya.R**

Berivotra 5/5-Maevatanàna

# Lavon'ny balan'ny Zandary i Rôla, dahalo raindahiny

Nifarana tamin'ny Alahady faha-14 Aprily 2024 teo ny asa maloto fanaon'i Rôla, izay dahalo raindahiny amin'ny halatr'omby sy fanafihana ato amin'ny distrikan'i Maevatanàna. Tamin'io andro voalaza etsy ambony io no nisy nahatsikaritra tao amin'ny Kaominina ambanivohitra Berivotra 5/5 ilay dahalo antsoina hoe: Rôla, tokony teo amin'ny enina ora maraina teo izany, mbola am-pikonokononana hanafika indray ny lehilahy. Nahazo antso ara-potoana anefa ny Zandary ao amin' ny "Poste fixe Berivotra 5/5, ka nihetsika avy hatrany, amin'ny maha olon-dratsy azy anefa, tonga dia nilefa ny mpitandro ny filaminana izy, na efa nomena fampitandremana aza. Teo indrindra no tsy nisalasala nitifitra ireo Zandary, ka maty lavon'ny bala ity farany. Raha hijerana sy hitanisana kosa ny asa maloto vitan'i Rôla, izay hanan'ny Zandariam-pirenena eto Betsiboka porofo, ireo raharaha nanenjehana azy, dia ireto avy: Nenjehana ny raharaha halatra sy fanimbana



fananan'olona ny faha-09 Febroary 2024 teo, nandray anjara tamin'ny fangalarana omby miisa 11 ny 26 Septambra 2023, isan'ny nandray anjara amin'ny halatr'omby 17 tao amin'ny fokontan'Antsohery, kaominina Ambanivohitra Tsararano ny Desambra 2023, nandray anjara tamin'ny fanafihana niseho maromaro tao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Mangabe ihany i Rôla. Mivondrana ao anatin'ny fikambananjiolahy sy mpitarika andiandahalo ihany koa ny lehilahy. Santionan'ny amin'ny "dossier" maloto, an'io jiolahy raindahiny io, ireo voalaza ireo. Mitohy kosa ny fikarohana ny namany ataon'ny Zandary. Tapitra hatreo izany ny asa ratsin'i Rôla.

**Ratantely**

"Tokotany be"

# Hampivelarana ny orinasa misehatra amin'ny kolontsaina sy ny famoronana

Ny 18 ka hatramin'ny 20 Avrily izao no tanterahina etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy ny Fantanjahantena etsy Mahamasina ny hetsika "Tokotany be". Ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina no mikarakara azy mba hanomezana sehatra sy hampivelarana ny ireo orinasa misehatra amin'ny kolontsaina sy ny famoronana. Tanjona amin' ity hetsika ity ny fampihaonana ireo mpisehatra amin' ny orinasan-kolontsaina sy ny fampahafantarana fa azo atao tsara ny mivelona sy ho lasa matianina amin' ireny orinasan-kolontsaina ireny. Ankoatra izay dia ny fitaomana ny mpanjifa hampivelatra ny fahalalana momba ny kolontsaina sy ny famoronana. Araka izany dia hisy ny fampiratiana maroloko handraisan'ny mpisehatra ara-kolotsaina maro isan-karazany. Hisokajy telo lehibe ny fampirantiana mandritra ny hetsika dia ny fampirantiana mikasika ny boky, ny mikasika ny kanto hita maso ary fahatelo ny mikasika ny mozika sy lamaody ary sinema.




Hisy koa fampisehoana an-tsehatra sy dinidinika na fizarana traikefa ary famelabelaran- kevitra mandritra io telo andro io.

*"Tranoheva 50 sy mpampiranty 70 eo ho eo no andrasan'ny minisitera handray anjara amin'izany »* raha araka ny fanazavan'ny tale jeneralin'ny kolontsaina Francis Razafiarison. *"Hisy koa fampisehoana antsehatra sy dinidinika na fizarana traikefa ary famelabelaran- kevitra mandritra io telo andro io »* hoy hatrany izy.

**Maimaimpoana**

Antenain'ny mpikarakara mandrita ny hetsika ny hamoaka fiaraha-miasa maro amin'ny samy mpisehatra amin'ny kolontsaina sady hampivelatra azy ireo tsirairay. Marihina fa maimaimpoana avokoa, ny fandraisana anjara amin'ity hetsika ity. Izay no antony nametrahana fa maimaimpoana avokoa na ny fahafahana mitsidika sy mandray anjara amin'ireo fizarana traikefa sy famelabelaran-kevitra rehetra izay hanomboka amin'ny 9 ora maraina ka hatamin'ny 5 ora hariva mandrita ireo telo andro ireo.

**Tiaray R**


Envoyez de l'argent sur MVola
avec votre carte bancaire !
En ligne
Depuis le monde entier
Avec votre carte VISA ou Mastercard
Taux avantageux
Rendez-vous sur cb2.mvola.mg
Ou téléchargez l'App
Mon partenaire préféré
au quotidien
MVola
MVP CRÉA
GCL 801/1-1